LIGIM-PARITRY NY TAEKWONDO

## Hikarakara ny «Open d'Analamanga» anio sy rahampitso alahady




*Fifaninanana Taekwondo eto amintsika.*

Taorianan'ny niatoan' ny fifaninanana arapanatanjahantena teto amintsika noho ny fiatrehana ny valanaretina Coronavirus, izao indray vao afa-mihetsika ny taranja Taekwondo Malagasy, ka anio sabotsy 27 febroary 2021, sy rahampitso alahady 28 febroary 2021 etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina dia mikarakara ny Open d'Analamanga ny "ligue régionale Analamanga de Taekwondo" tarihan'ny filohany, Rakotomanana Franck Tiana. Ady an' olon-tokana, sy ady isantarika no handraisan'ireo mpikatroka miisa 300 mahery anjara avy amin'ny kliobana Taekwondo miisy 12 eto Antananarivo, miampy an'ireo mpikatroka vitsivitsy avy any amin'ny ligin'Atsinanana sy Matsiatra Ambony, Vatovavy Fitovinany ary Vakinankaratra. Araka ny vaovao voaray avy amin' ity ligin'Analamanga amin' ny taranja Taekwondo ity dia efa tonga eto Antananarivo avokoa ireo mpikatroka avy any amin'ny ligim-paritra rehetra handray anjara. Mariha fa tsy hisy vidim-pidirana ny fanarahana ny hetsika etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina anio sy rahampitso, nefa tsy maintsy manao "cache bouche" kosa ireo izay hanatrika ao. Anio asabotsy dia ny fifanintsanana no hatrehana amin'ity fifaninanana ity, fa rahampitso alahady kosa dia ny ankatoky ny famaranana sy ireo lalao famaranana no hiseho.

***Rainilita***

Orange Pro League 2020-2021

## Ahitana lalao avokoa ny "Conférence Nord" sy "Sud"



*Fihaonana nandritra ny Pro Orange League 2020-2021*

Hitohy amin'ity faran'ny herinandro ity indray ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League Malagasy 2021", ka samy ahitana lalao avokoa any amin'ny "Conférence Nord" (andro faha-6) sy any amin'ny "Conférence Sud" (andro faha-8). Toy izao ireo fandaharandalao :

Conférence Nord :
Alahady 28 febroary, Elgeco Plus Stadium : amin'ny 14h30 :
Five FC – Elgeco Plus
Alahady 28 febroary, kianja Rabemananjara Mahajanga: amin'ny 14h30:
Fosa Junior FC- Jet Kintana.
Alahady 28 febroary, Stadium Barikadimy Toamasina: amin'ny 14h30:
Tia Kitra FC- Cosfa.

Conférence Sud:
Sabotsy 27 febroary, Stade Moderne Ampasambazaha : amin'ny 14h30 :
3FB Toliara- AS Adema.
Sabotsy 27 febroary, Elgeco Plus Stadium: amin' ny 14h30:
CS-DFC- FCA Ilakaka.
Alahady 28 febroary, kianja modern Ampasambazaha, amin'ny 14h30:
Zanakala FC- USCA-FOOT.

Fa toy izao aloha ny filaharana vonjy maikan'ireo ekipa mandray anjara ankehitriny :

Conférence Nord:
1 Five FC
2 Cosfa
3 Jet Kintana
4 Fosa Juniors FC
5 Elgeco Plus
6 Tia Kitra FC

Conférence Sud
1 AS Adema
2 FCA Ilakaka
3 Ajesaia
4 CS-DFC
5 USCAFOOT
6 Zanakala FC
7 3FB Toliara

***Rainilita***

Antsiranana

## Mankalaza ny faha-60 taonan'ny Tafika an-dRanomasina Malagasy



*Ny fotoam-pivavahana iraisam-pinoana tao amin'ny Katedraly Antsiranana.*

Nankalazaina nanomboka ny alakamisy teo ary nitohy omaly zoma, ny fankalazana ny faha-60 taona nijoroan'ny Tafika an-dRanomasina Malagasy. Ho fanombohana ny fanamarihana izany ny alakamisy teo, nisy ny fotoam-pivavahana iraisampinoana tao amin'ny katedraly Antsiranana any amin'ny faritra Diana. Ny 18 febroary tamin'ny taona 1961 no niorina voalohany teto amintsika ny Tafika an-dRanomasina Malagasy, fa ny alakamisy 25 febroary teo io vao natomboka ny fanamariahana. Niaraka niombom-bavaka tamin'izany ireo tompon'andraikitra isan'ambaratonga ao anivon'ny Tafika Malagasy, indrindra ireo avy amin'ny Tafika an-dRanomasina.

***Isambilo***

Oniversite Maninday Toliara

## Mitaky ny zony, migrevy koa ny mpianatra

Marary ny fampianarana ambony eto Madagasikara, saika nitokona nitaky ny zony avokoa ireo Oniversite miisa 6 eto Madagasikara. Tamin'izao faran'ny herinandro izao dia ny tany amin'ny Oniversite Maninday any Toliara faritra Atsimo Andrefana indray no nigrevy, nitaky ny zon'izy ireo. Toy ny tany amin'ny Oniversite hafa, fitakiana vatsim-pianarana efa-bolana, miampy ny fitaovana, na équipement no takian'ireo mpianatra. Ny nampiavaka ny tany Toliara ny tany amin'ny hafa, misy ireo ankizy mitaky ny hanatsaharana ny hetsika, misy kosa anefa ireo tsy manaiky izany fa ny hanohy ny fitokanana mandra-pivalin'ny fitarainana.

Nifanditra noho izany ireto mpianatra ireto, ka raikitra ny tora-bato, nisy ny mpianatra naratra, ny zonay hoy ireto mpianatra no takianay satria marary izahay. Hatramin'ny diplaoma hoy hatrany izy ireo dia tsy misy ny "validation".

Fitarainany koa ny faharatsian'ny fotodrafitrasa iainany. Noho izay fitokonana izay, raikitra ny sakoroka sy fifanenjehana eran' ny tanàna ataon'ny mpitandro filaminana ireo mpianatra mitokona mitaky ny vatsimpianarany. Nohitsakitsahan'ireo mpitandro filaminana indray ny "franchise universitaire", efa tafiditra amin'ny faritry ny Oniversite indray izy ireo. Mbola tsy fantatra hatreto ny isan'ny voasambotra, na ny naratra vokatr'izany.

***Stefa***

Tranga

## Lehilahy 30 taona nanodinkodina zazavavikely 13 taona

Tranga misy any anivon'ny fiarahamonina any amin'izao fotoana izao ny resaka fanolanana, sy fanodinkodinana zaza tsy ampy taona, anisan'ny antony mahatonga izany ny fidorohana zava-maha domelina ataon'ireo maty eritreritra. Tranga mampalahelo no nitranga tany Fenoarivo Atsinanana, faritra Analanjirofo. Lehilahy 30 taona no tratra nanodinkodina zazavavikely 13 taona. Efa nampidirina am-ponja vonjimaika ity nahavanon-doza ity ny 24 febroary lasa teo, rehefa avy niakatra fampanoavana tao Fenoarivo Atsinanana. Niaiky izy tamin'ny famotorana natao azy, fa efa tamin'ny volana oktobra 2020 izy no niaraka tamin'ilay zazavavikely ary mitondra vohoka 5 volana izao io zazavavy io.

***Stefa***



*Ilay lehilahy nanodinkodina zaza tsy ampy taona.*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ireo rehetra hiantefany izao fanehoan-kevitra manaraka atao izao. Ela no nanarahako hetsika politika teto Madagasikara, fa tsy mbola nahita fanagadrana mandeha ho azy ohatran'izao aho . Tondroina dia tsy misy mpitory akory dia any amponja , lazain'ilay mpivarotra kiraro fa nangalatra dia samborina dia migadra, nefa ilay mpivarotra kiraro tsy nitory sady tsy tany @ fitsarana , lazaina fa nitondra vato dia gadraina, nefa porte feuille no teny aminy ary tsy tratra nitora-bato akory! Anaty portefeuille ve ho omby vato ? Aiza dia manaotao foana ry mpitondra sy ry mpitandro filaminana, misy farany raha jiaby ary ny marina tsy mba maty. Avoahay izy 11 mianadahy nogadraina ireo, fa tena tsy rariny kosa e !

***Ranaivorazo Feno***
***Ambanidia, Antananarivo***